

FANAZAVANA AN-TSARY

كيفية
صلاة النبي

وَسَلَّمَ
صَلَّى اللهُ

مع كيفية الوضوء

NY FOMBA FANAOVAN'NY
MPAMINANY  SWALAT

SY NY
FOMBA
FANAOVANA
WOZO

NOSORATAN'I SHEIKH

'ABDOL'AZIZ IBN BAZ



NADIKAN'I | MANAGNA ZAKARIA

www.IslamHouse.com

**NY FOMBA FANAOVAN'NY
MPAMINANY ﷺ SWALAT**

Nosoratan'i SHEIKH:

'ABDOL'AZIZ IBN BAZ ﷺ

Sy Ny Fomba Fanaovana Wozo

NANDIKA AMIN'NY TENY MALAGASY

MANAGNA Zakaria

Famerenana

Sheikh: ABDALLAH Said Moussa

Sheikh: DJAMILDINE Samsoudine

FANOROAM-PEJY

LOHATENY	PEJY
TENY FANOLORANA	4
FAMPIDIRANA	6
FOMBA FANAOVANA WOZO	7
FOMBA FANAOVANA SWALAT	11
RAHA TOA KA ROA FOTSINY NY RAK'AH	26
RAHA TOA KA MISY RAK'AH TELO NA EFATRA	31
IREO ZAVATRA TSARA TENENINA AORIAN'NY SWALAT	34
IREO SWALAT SONNAT	39
ANISAN'IREO HADISOANA MARO MPANAO AMIN'NY SWALAT	43

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

TENY FANOLORANA

Fiderana feno ho an'ny Tompo Allah, ary tsodrano sy fiadanana anie ho an'ny mpaminanintsika Mohammad ﷺ, ary ho an'ireo fianakaviany sy ireo mpanara-dia azy.

Iaraha-malala fa ny Swalat dia manana toerana lehibe tokoa amin'ny finoana Islamo. Ny Swalat tokoa mantsy no andry lehibe indrindra iorenan'ny finoana Islamo aorian'ny Shahàdatain, ary izany no hotsaraina voalohany amin'ireo asan'ny mpanompo amin'ny Andro farany, ka izay nanao an'izany araka ny tokony ho izy dia ho sambatra, fa izay nanao tsirambina an'izany kosa dia ho maty antoka tanteraka.

Ny fanaovana Swalat araka ny tokony ho izy dia ny fanaovana an'izany amin'ny fo madio ho an'i Allah ary mifanaraka amin'ny sori-dalan'ny Mpaminany ﷺ.

Miteny ny Mpaminany ﷺ manao hoe:

«صَلُّوا كَمَا رَأَيْتُمُونِي أُصَلِّي» رَوَاهُ الْبُخَارِيُّ.

"Ataovinareo tahaka ny nahitanareo ahy nanao azy ny Swalat". Notaterin'i **Al-bokhari**.

Manazava an'izany indrindra ary ity boky ity. Koa manentana antsika rehetra mba hamaky an'izany sy hanazava an'izany amin'olona.

Allah anie handray an'izao ezaka kely izao, sy hanao an'izany ho feno fahasovana ho an'ny mpanoratra azy sy ny mpandika azy amin'ny teny malagasy ary izay rehetra mamaky azy.

Ny mpandika teny: MANAGNA Zakaria.

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

*"Amin'ny anaran'i Allah, ilay Be indrafo, ilay
Be fiantrana"*

FAMPIDIRANA

Ny fiderana feno dia ho an'i *Allah* irery ihany, ary tsodrano sy fiadanana anie ho amin'ilay mpanompony sy Irany, ny Mpaminanintsika *Mohammad* ﷺ, ary ho amin'ireo fianakaviany sy ireo mpanara-dia azy.

Indro teny fohy, manazava ny fomba fanaovan'ny Mpaminany ﷺ *Swalat*; atolotro ho an'ny mpino Islamo rehetra, lahy sy vavy, mba hahatonga an'izay rehetra mamaky azy ity hiezaka haka tahaka azy ﷺ amin'izany, araka ny teniny manao hoe:

صَلُّوا كَمَا رَأَيْتُمُونِي أُصَلِّي، رَوَاهُ الْبُخَارِيُّ.

"Ataovinareo tahaka ny nahitanareo ahy nanao azy ny *Swalat*". Notaterin'i *Al-bokhàri*.

Ka indro ny fanazavana an'izany ry mpamaky hajaina:

1 ATAO TOMOMBANA TSARA ALOHA NY WOZO

Izany hoe atao araka ny nanirahan'i *Allah* azy, ho fanarahana ny teniny manao hoe:

يَا أَيُّهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا إِذَا قُمْتُمْ إِلَى الصَّلَاةِ فَاغْسِلُوا
وُجُوهَكُمْ وَأَيْدِيَكُمْ إِلَى الْمَرَافِقِ وَامْسَحُوا بِرُءُوسِكُمْ
وَأَرْجُلَكُمْ إِلَى الْكَعْبَيْنِ ﴿٦﴾ المائدة: ٦

"*Ô ianareo izay nino! Rehefa mitsangana hanatanteraka ny Swalat ianareo, dia sasao ny tarehinareo, sy ny tananareo hatreo amin'ny kiho (izay anatin'ny), ary safoy (amin'ny tanana lena) ny lohanareo, ary sasao ny tongotrareo hatreo amin'ny kitrokely (izay anatin'ny)*"[5:6].

Ary ho fanarahana ny tenin'ny Mpaminany ﷺ manao hoe:

لَا تُقْبَلُ صَلَاةٌ بِغَيْرِ طَهْوَرٍ

"Tsy ekena ny Swalat natao tsy amin'ny fahadiovana"⁽¹⁾.

ARY OHATRA IZAO NY FANAOVANA WOZO:

1 Manao fikasana amin'ny fo hoe hanao *Wozo*, tsy ilaina tononina amin'ny vava ny fikasana, satria ny Mpaminany ﷺ dia tsy mbola nanonona ny fikasana tamin'ny vava mihitsy, na tamin'ny *Wozo* izany, na tamin'ny *Swalat*, na koa tamin'ireo fanompoana rehetra izay nataony. Ary satria *Allah* mahafantatra an'izay ao am-po, ka tsy ilaina intsony ny hanambarana an'izany.

(1) Ary ny teniny ﷺ tamin'ilay olona tsy nahay nanao *Swalat* hoe:

إِذَا قُمْتَ إِلَى الصَّلَاةِ فَاسْبِغِ الوُضوءَ."

"Rehefa mitsangana hanatanteraka ny Swalat ianao dia ataovy tomombana tsara ny Wozo..."

② Avy eo miteny hoe:

"بِسْمِ اللَّهِ"

"Bismillah"

"Amin'ny anaran'i Allah".

③ Avy eo sasana intelo ny tanana roa (hatreo amin'ny tendron'ny rantsantanana ka hatramin'ny hatotanana).



④ Avy eo mihomokomoka (manontsam-bava) sy manasa anatin'ny orona amin'ny rano, izay atao intelo.

Ary aisina amin'ny tanan-kavia (ny rano avy amin'ny orona).



5 Avy eo sasana intelo ny tarehy, avy amin'ny sofina iray ka hatramin'ny sofina ilany ny velarany, ary avy amin'ny toerana fitsirian'ny volon-doha ka hatrany ambanin'ny somotra (saoka) ny halavany.



6 Avy eo sasana intelo ny tanana roa, avy amin'ny tendron'ny rantsantanana ka hatramin'ny kiho (izay tafiditra anatin'ny). Atomboka amin'ny ilany havanana aloha izay vao ny ilany havia.



7 Avy eo safoina ny loha, indray mandeha; ka lemama ny tanana roa, dia miaraka akorisa amin'ny loha, manomboka eo anoloana ka hatrany amin'ny farany, dia averina mankeo anoloana indray.



8 Avy eo safoina ny sofina roa, indray mandeha; ka ampidirina amin'ireo lavatsofina avy ny fanondro roa (tondro), ary safoina amin'ny ankibe (tondrobe) ny ivelan'ny sofina.



9 Avy eo sasana intelo ny tongotra, avy amin'ny tendron'ireo rantsantongotra ka hatramin'ny kitrokely (izay tafiditra anatin'ny). Atomboka amin'ny ilany havanana aloha izay vao ny ilany havia.



Miteny ny Mpaminany ﷺ manao hoe:

"مَا مِنْكُمْ مِنْ أَحَدٍ يَتَوَضَّأُ فَيُسْبِغُ الوُضُوءَ ثُمَّ يَقُولُ: أَشْهَدُ أَنْ لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ وَحْدَهُ لَا شَرِيكَ لَهُ وَأَشْهَدُ أَنَّ مُحَمَّدًا عَبْدُهُ وَرَسُولُهُ، إِلَّا فُتِحَتْ لَهُ أَبْوَابُ الْجَنَّةِ الثَّمَانِيَّةِ، يَدْخُلُ مِنْ أَيِّهَا شَاءَ"، رَوَاهُ مُسْلِمٌ.

"Ash-hado an-là ilàha illal-làho wahdahò là sharika lahò wa ash-hado anna mohammadan 'abdohò wa rasòloh"

"Tsy misy iray aminareo manao Wozo, ka ataony tomombana tsara izany, dia miteny izy avy eo hoe:"Mijoro vavolombelona aho fa tsy misy tompo mendrika hotompoina marina afa-tsy Allah irery ihany, tsy misy mpikambana aminy, ary mijoro vavolombelona aho fa i Mohammad dia mpanompony no sady Irany", afa-tsy hoe misokatra ho azy avokoa ireo varavaran'ny Paradisa valo, ka miditra amin'izay tiany idirana amin'izany izy". Notaterin'i *Moslimo*.

2

NY OLONA MANAO SWALAT DIA
(MITSANGANA) MITODIKA AMIN'NY KIBLAH

izany hoe ny *Ka'bah*, amin'ny vatany iray manontolo, n'aiza n'aiza ny toerana misy azy; miaraka amin'ny fikasana amin'ny fony hoe hanao an'ilay

Swalat izay mila hataony, na **Fardh** ⁽²⁾ izany na koa **Nàfilah** ⁽³⁾. Ary tsy tononina amin'ny vava ny fikasana, satria ny fanononana an'izany amin'ny vava dia tsy azo atao, ary **Bid'ah** (forona) mihitsy aza izany; satria na ny Mpaminany ﷻ, na ireo mpanara-dia azy ﷻ, dia samy tsy nanonona ny fikasana avokoa.

Ary asiany zavatra eo anoloany, itodihany amin'ny *Swalat*, raha **Imamo** (mpitarika) izy na koa manao *Swalat* mitokana ⁽⁴⁾.

Ary ny fitodihana amin'ny **Kiblah** dia anisan'ny fepetra takiana amin'ny *Swalat* (mba hampety an'izany); afa-tsy amin'ny toe-javatra vitsivitsy ihany, izay navahina ka tsy itakiana an'izany; ary izany dia fantatra sy voazava amin'ny bokin'ireo manam-pahaizana.

3

MANAO TAKBIR FAMEHEZANA SWALAT

ka miteny hoe:

"الله أكبر"

"*Allàho akbaro*"

"**Allah no lehibe indrindra**".

(2) **Fardh**: *Swalat* voadidy, dia ireo *Swalat* dimy fanao andavanandro.

(3) **Nàfilah** amin'ny *Swalat* dia: ny *Swalat* tsara atao, saingy tsy voatery ny fanaovana azy, ka tsy ahazoam-pahotana ny fametrahana azy.

(4) Satria naniraka amin'izany ny Mpaminany ﷻ.

Ary ny masonry dia (miondrika) mijery eo amin'ny toerana anaovany *Sojòd* (fiankohofana).



4

AMPIAKARINA NY TANANA

amin'ny fotoana anaovana an'ilay *Takbìr*, hatreo amin'ny soroka, na koa hatreo amin'ny sofina, ary ny felatanana amin'izany no atodika amin'ny *Kiblah*.

5

ATAO EO AMIN'NY TRATRA NY TANANA ROA

ka ny (tanana) havanana atao ambonin'ny vohon-tanana havia sy ny hato-tanana ary ny lanton-tanana⁽⁵⁾, araka ny *Hadith* marim-pototra manambara ny fanaovan'ny Mpaminany ﷺ an'izany⁽⁶⁾.



6

ARY SONNAT NY MANAO DOAH FANOKAFANA

dia ny fitenenana hoe⁽⁷⁾:

(5) Rantsam-batana hatreo amin'ny kiho ka hatramin'ny hato-tanana.

(6) Amin'ny *Hadith* notaterin'i *Wà-il ibn Hojr* sy *Qabìswah ibn Hobl At-twà-ì* avy tamin-drainy ﷺ.

(7) *Sonnat*: Tsara raha atao, izany hoe mahatomombana ny *Swalat* kokoa ny fanaovana azy ary ahazoana valisoa, saingy tsy voatery.

«اللَّهُمَّ بَاعِدْ بَيْنِي وَبَيْنَ خَطَايَايَ كَمَا بَاعَدْتَ بَيْنَ الْمَشْرِقِ وَالْمَغْرِبِ،
اللَّهُمَّ نَقِّنِي مِنْ خَطَايَايَ كَمَا يُنَقِّي الْقُوتُ الْأَبْيَضُ مِنَ الدَّنَسِ، اللَّهُمَّ
اغْسِلْنِي مِنْ خَطَايَايَ بِالْمَاءِ وَالطَّلْحِ وَالْبَرَدِ»، رَوَاهُ الْبُخَارِيُّ.

*"Allàhomma bà'id baini wa baina khatwàyàya kamà
bà'adta bainal-mashriqi wal-maghribi, allàhomma
naqqinì min khatwàyàya kamà yonaqqas-saobol-
abyadho minad-danas, allàhommaghsilnì min
khatwàyàya bilmà-i was-salji wal-barad"*

"O Allah! Alaviro ahy ireo fahotako, tahaka ny nanalaviranao ny atsinanana amin'ny andrefana. O Allah! Diovny amin'ireo fahotako aho, tahaka ny fanadiovana loto amin'ny lamba fotsy. O Allah! Sasao amin'ny rano sy ranomandry ary havandra aho, mba hadio amin'ireo fahotako". Notaterin'i *Al-bokhàri*.

Ary raha tiana, dia azo atao ny miteny eo amin'ny toeran'izany hoe:

«سُبْحَانَكَ اللَّهُمَّ وَبِحَمْدِكَ وَتَبَارَكَ اسْمُكَ وَتَعَالَى جَدُّكَ وَلَا إِلَهَ غَيْرُكَ»

*"Sobhànakal-làhomma wa bihamdika wa tabàrakas-
moka wa ta'àlà jaddoka wa là ilàha ghairoka"*

"Manadio Anao amin'ny tsy fahalavorariana aho ry Allah, mba ho fiderana Anao. Feno hasoavana tokoa ny anaranao, ary avo sy ambony ny haja amam-boninahitrao. Ary tsy misy tompo mendrika hotompoina marina ankoatra Anao".

Ary raha miteny ankoatra an'ireo, amin'ireo **Doah** fanokafana izay marim-pototra fa nataon'ny Mpaminany ﷻ dia tsy maninona. Ary tena tsara raha manao an'io indraindray, dia manao an'ity koa indraindray; satria izany no tena fanarahana ny soridalan'ny Mpaminany ﷻ.

Avy eo miteny hoe:

"أَعُوذُ بِاللَّهِ مِنَ الشَّيْطَانِ الرَّجِيمِ"

"A'òzo billàhi minash-shaitwànr-rajìm"

"Mangata-piarovana amin'i Allah aho, mba tsy ho azon'ny satana ilay voaozona".

"بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ"

"Bismillàhir-rahmànir-rahìm"

"Amin'ny anaran'i Allah, ilay Be indrafo, ilay Be fiantrana".

Dia mamaky **Sorat Al-fàtìhah** avy eo, noho ny tenin'ny Mpaminany ﷻ manao hoe:

"لَا صَلَاةَ لِمَنْ لَمْ يَقْرَأْ بِفَاتِحَةِ الْكِتَابِ"

"Tsy mety ny Swalat an'olona tsy mamaky Sorat Al-fàtìhah".

Aorian'izany dia miteny hoe "أمين" "*Àmin*" {**O Allah! Mba valio ny fangatahako**}, amin'ny feo avo raha amin'ny *Swalat* famoahana feo, ary tsy am-peo kosa raha amin'ny *Swalat* tsy amoaham-peo.

Avy eo mamaky izay (*Sorat* na andininy) afaka vakiana (hay vakiana) amin'ny *Kor'any*.

Ary ny tena tsara vakiana aorian'ny *Sorat Al-fàtihah*, amin'ny *Zohr* sy *'Asr* ary *'Ishà* dia ireo antonony halavana amin'ny *Al-mofaswal*⁽⁸⁾, ary amin'ireo lava kosa amin'ny *Swalat Fajr*; fa amin'ny *Maghrib* kosa dia indraindray amin'ny lava, ary indraindray amin'ny fohy, mba ho fanarahana an'ireo *Hadith* voalaza momba an'izany.

7 AVY EO MIONDRIKA

miaraka amin'ny fanaovana *Takbìr* sy fampiakarana ny tanana roa hatreo amin'ny soroka na sofina, (ka rehefa tafaondrika) dia ampifanitsiana amin'ny lamosina ny loha, ary apetraka eo amin'ny

(8) *Al-mofaswal* dia: ireo *Sorat* manomboka amin'ny *Sorat Qaf* (faha-50) ka hatramin'ny faran'ny *Kor'any*.

Ny lava amin'izany dia: *Sorat Qàf* (faha-50) ka hatramin'ny *Sorat Al-morsalàty* (faha-77).

Ny antonona halavana dia: *Sorat An-naba* (faha-78) ka hatramin'ny *Sorat Al-lail* (92).

Ny fohy amin'izany dia: *Sorat Ad-dhohà* (faha-93) ka hatramin'ny *Sorat An-nàs* (faha-114).

lohalika ny tanana,
ka velarina ireo
rantsantanana
amin'izany.

Ary maka
fahatoniana tsara eo
am-piondrehana,
dia miteny hoe:



"سُبْحَانَ رَبِّيَ الْعَظِيمِ"

"Sobhàna rabbiyal-'azwim"

**"Lavitra amin'ny tsy fahalavorariana ny
Tompoko, ilay Lehibe indrindra".**

Ary tena tsara raha averina intelo na mihoatra
izany.

Ary tsara raha tenenina miaraka amin'izany ny hoe:

"سُبْحَانَكَ اللَّهُمَّ رَبَّنَا وَبِحَمْدِكَ، اللَّهُمَّ اغْفِرْ لِي"

*"Sobhànakal-làhomma rabbanà wa bihamdika,
allàhommaghfir li"*

**"Manadio Anao amin'ny tsy fahalavorariana
aho ry Allah, ry Tomponay, mba ho fiderana Anao.
O Allah! Avelao ny heloko!"**

miaraka amin'ny
fampiakarana ny tanana roa
hatreo amin'ny soroka na
sofina no sady miteny hoe:

"سَمِعَ اللَّهُ لِمَنْ حَمِدَهُ"

*"Sami'al-làho liman
hamidah"*

"Allah anie handray
ny fideran'izay midera
Azy", raha *Imamo* na koa
manao *Swalat* mitokana.

Ary rehefa tafiarina
tsara (tafatsangana) dia
miteny hoe:

"رَبَّنَا وَلَكَ الْحَمْدُ حَمْدًا كَثِيرًا طَيِّبًا مُبَارَكًا فِيهِ مِلْءَ السَّمَاوَاتِ
وَمِلْءَ الْأَرْضِ وَمِلْءَ مَا بَيْنَهُمَا وَمِلْءَ مَا شِئْتَ مِنْ شَيْءٍ بَعْدُ"

*"Rabbanà wa lakal-hamdo, hamdan kasìran
twayyiban mobàrakan fihi, mil-as-samàwàti wa mil-
al-ardwi wa mil-a mà bainahomà wa mil-a mà shi-ta
min shai-in ba'do"*



"Ry Tomponay ô! Ho Anao ny fiderana; fiderana betsaka sy madio ary feno hasoavana, izay mameno an'ireo lanitra sy mameno ny tany ary mameno an'izay anelanelan'izy roa, ary mameno an'izay zavatra tianao ankoatra an'ireo".

Fa raha manao *Swalat* afaran'ny *Imamo* kosa dia izao no tenenina rehefa miangana avy amin'ny fiondrehana:

"رَبَّنَا وَلَكَ الْحَمْدُ"

"Rabbanà wa lakal-hamdo"

"Ry Tomponay ô! Ho Anao ny fiderana", hatramin'ny faran'ilay voalaza tetsy ambony.

Ary tsara raha ampian'izy ireo an'izao izany, izany hoe ny *Imamo* sy ny manaraka azy ary koa ny olona manao *Swalat* mitokana, satria voambara amin'ny tatitra marim-pototra avy tamin'ny Mpaminany ﷺ izany, dia ny fitenenana hoe:

"أَهْلُ الثَّنَاءِ وَالْمَجْدِ أَحَقُّ مَا قَالِ الْعَبْدُ وَكَلَّمْنَا لَكَ عَبْدٌ، اللَّهُمَّ لَا مَانِعَ لِمَا أُعْطِيَتْ وَلَا مُعْطِيَ لِمَا مَنَعْتَ وَلَا يَنْفَعُ ذَا الْجَدِّ مِنْكَ الْجُدُّ"

"Ahlos-sanà-i wal-majdi, ahaqqo mà qàlal-'abdo, wa kollonà laka 'abdon, allàhomma là màni'a limà a'twaita wa là mo'twiya limà mana'ta, wa là yanfa'o zal-jaddi minkal-jaddo"

"(Ianao) Ilay mendri-piderana sy heni-kaja
amam-boninahitra! Izany no marina indrindra
amin'izay lazain'ny mpanompo, ary mpanomponao
avokoa izahay rehetra. O Allah! Tsy misy afaka
manakana ny fanomezanao, ary tsy misy afaka
manome an'izay nosakananao, ary tsy mahasoa ny
mpanana akory ny fananany eo anatrehanao (raha
tsy nataonao mahasoa Azy izany ary nankato Anao
izy)".

Ary tsara raha izy rehetra (ny *Imamo* sy ny
manaraka azy ary ny olona manao *Swalat* mitokana)
samy mametraka (indray) ny tanana roa eo amin'ny
tratra, ohatra ny natao nandritry ny fitsanganana
talohan'ny fiondrehana; noho ny fisian'ny *Hadith*
marim-pototra manambara ny fanaovan'ny Mpaminany
ﷺ an'izany, dia ny *Hadith* nolazain'i *Wà-il ibn Hojr* sy
Sahl ibn Sa'd ﷺ.

9 AVY EO MIANKOHOKA

miaraka amin'ny fanaovana *Takbir*, ary ny lohalika
aloha no arapaka amin'ny tany izay vao ny tanana, raha
tsy manahirana izany, fa raha manahirana kosa dia
alefa aloha ny tanana izay vao arapaka ny lohalika. Ary
atao mitodika amin'ny *Kiblah* ireo rantsantanana sy
rantsantongotra, ka atao mifampipetaka tsara ireo
rantsantanana no sady vavarina tsara. Dia miondrika
amin'ireo rantsambatana fito: ny handrina (lahara)
miaraka amin'ny orona, sy ny tanana roa (felatanana),

sy ny lohalika roa, ary ny atin'ireo rantsantongotra (ny ilany ambany). Dia miteny hoe:

"سُبْحَانَ رَبِّيَ الْأَعْلَى"

"Sobhàna rabbiyal-a'là"

"Lavitra amin'ny tsy fahalavorariana ny Tompoko, ilay Avo indrindra".

Tsara raha averimberina intelo na mihoatra izany.

Ary tsara raha tenenina miaraka amin'izany ny hoe:

"سُبْحَانَكَ اللَّهُمَّ رَبَّنَا وَبِحَمْدِكَ، اللَّهُمَّ اغْفِرْ لِي"

*"Sobhànakal-làhomma rabbanà wa bihamdika,
allàhommaghfir li"*

"Manadio Anao amin'ny tsy fahalavorariana aho ry Allah, ry Tomponay, mba ho fiderana Anao. O Allah! Avelao ny heloko!"

Ary tokony manao *Doah* maro (eo am-piankohofana), araka ny tenin'ny Mpaminany ﷻ manao hoe:

"أَمَّا الرَّكُوعُ فَعَظِّمُوا فِيهِ الرَّبَّ، وَأَمَّا السُّجُودُ فَاجْتَهِدُوا فِي

الدَّعَاءِ فَقَمِينٌ أَنْ يُسْتَجَابَ لَكُمْ"

"Amin'ny fiondrehana dia ny fanamboniana ny Tompo no ataovinareo, fa amin'ny fiankohofana kosa dia miezaha manao Doah ianareo, satria misy anjara hivaly kokoa ny hatakareo amin'izany".

Ka mangataka amin'ny Tompo *Allah*, mba hahazo ny tsara eto an-tany sy any ankoatra, na *Fardh* ilay *Swalat* na koa *Nàfilah*.

Ary mandritry ny fiankohofana dia ampihatahina tsara ny ilam-batana sy ny sandry, ary ny kibo sy ny fe, ary ny fe sy ny ranjo, ary ampiakarina tsy hipaka amin'ny tany ny sandrin-tanana⁽⁹⁾, araka ny tenin'ny Mpaminany ﷻ manao hoe:

"إِعْتَدِلُوا فِي السُّجُودِ وَلَا يَبْسُطْ أَحَدُكُمْ ذِرَاعَيْهِ انْبِسَاطَ الْكَلْبِ"

"Ataovinareo amin'ny endrika tsara ny fiankohofana, ka aoka ny anankiray aminareo tsy hamavatra ny sandrin-tanany amin'ny tany toy ny fanaon'ny alika".



(9) Sandrin-tanana: hatreo amin'ny kiho ka hatramin'ny hato-tanana.

miaraka amin'ny fanaovana *Takbîr*, ary atsibatana miditra mankany anatin'ny tongotra havia, dia ambonin'izany no ipetrahana, fa ny tongotra havanana kosa dia atsongana⁽¹⁰⁾. Ary apetraka eo ambonin'ny fe sy lohalika ny tanana roa, dia miteny hoe:

رَبِّ اغْفِرْ لِي وَارْحَمْنِي
وَاهْدِنِي وَارْزُقْنِي وَعَافِنِي
وَاجْبُرْنِي "

*"Rabbighfirli warhamni
wahdini warzoqni wa
'àfini wajborni"*



"Tompo ô! Omeo famelan-keloka sy indrafo sy fahitsiana sy anjara fivelomana sy fahasalamana ary fankaherezana aho".

Ary atao am-pahatoniana tsara izany fipetrahana izany⁽¹¹⁾.

(10) Izany fipetraka izany no antsoina hoe *Iftirâsh*, izay toy izao: fipetrahana ambonin'ny tongotra havia, ny kitrokelin'ny tongotra havia atao ambany ary ireo rantsantongotra atao miditra anatin'ny mitodika mankany an-kavanana, ary ny tongotra havanana kosa dia tsy ipetrahana fa atao mitsangana amin'ny rantsantongotra havanana, ary ireo rantsantongotra havanana ireo dia atao miforitra mitodika mankany aloha amin'ny fitodihan'ny *Kiblah*

(11) Hany ka mahazo ny toerany tsara ireo taolana sy rantsambatana=

miaraka amin'ny fanaovana *Takbir*. Ary mitovy amin'ny natao tamin'ny fiankohofana voalohany ihany ny atao amin'izany.

miaraka amin'ny fanaovana *Takbir*, dia asiana fipetrahana kely, izay mitovy endrika amin'ilay fipetrahana teo anelanelan'ireo fiankohofana roa (saingy tsy maharitra), ary izany dia antsoina hoe "جَلْسَةُ الْإِسْتِرَاحَةِ" "*Jalsatol-istiràhah*" (fipetrahana **fakana aina**), izay tsara raha atao, fa raha tsy atao kosa dia tsy maninona, ary tsy misy *Zikr*⁽¹²⁾ na *Doah* atao amin'izany.

Avy eo mitsangana mahitsy ho amin'ny *Rak'ah*⁽¹³⁾ faharoa, ka ny lohalika no atao manosika hitsangana, raha tsy mampaninona izany, fa raha manahirana kosa dia atao amin'ny tany ny tanana mba hanosehana ny vatana hitsangana.

=rehetra, ohatra ny tamin'ny fitsanganana taorian'ny fiondrehana; satria ny Mpaminany 齋 dia manisy fijanonana maharitra amin'ny fitsanganany aorian'ny fiondrehana sy ny fipetrahanany eo anelanelan'ireo fiankohofana roa.

(12) *Zikr*: fahatsiarovana.

(13) *Rak'ah* dia: ny singany na fizarana iray amin'ny *Swalat*, manomboka amin'ny fitsanganana ka hatramin'ireo fiankohofana. Ohatra: misy *Rak'ah* efatra amin'ny *Swalat Zohr*.

Avy eo mamaky *Sorat Al-fâtihah*, sy izay (*Sorat* na andininy) vitany vakiana amin'ny *Kor'any* aorian'ny *Sorat Al-fâtihah*.

Avy eo manao ohatra ny natao tamin'ny *Rak'ah* voalohany⁽¹⁴⁾.

(14) Fanamarihana: tsy azo ataon'olona manao *Swalat* afaran'ny *Imamo* ny misongona an'ilay *Imamo*; satria nampitandrina ny vahoakany tsy hanao an'izany ny Mpaminany ﷻ. Ary tsy tsara ihany koa ny manao fihetsika miaraka amin'ny *Imamo*. Ny tsara atao sy mifanaraka amin'ny sori-dalan'ny Mpaminany ﷻ kosa dia ny fanaovana ireo fihetsika rehetra ao anatin'ny *Swalat* aorian'ny *Imamo* avy hatrany, tsy atao taraiky fa vao tapitra ny feony (manonona ny *Takbir* sns.) dia manaraka azy avy hatrany, araka ny tenin'ny Mpaminany ﷻ manao hoe:

«إِنَّمَا جُعِلَ الْإِمَامُ لِيُؤْتَمَّ بِهِ، فَلَا تَخْتَلِفُوا عَلَيْهِ، فَإِذَا كَبَّرَ فَكَبِّرُوا، وَإِذَا رَكَعَ
فَارْكَعُوا، وَإِذَا قَالَ سَمِعَ اللَّهُ لِمَنْ حَمِدَهُ فَقُولُوا: رَبَّنَا وَلَكَ الْحَمْدُ، وَإِذَا سَجَدَ
فَاسْجُدُوا»، مُتَّفَقٌ عَلَيْهِ.

"Ny Imamo dia natao arahina, ka aza mitsipaka azy ianareo (amin'ny fialohavana na koa fahatarana amin'izay ataony). Rehefa avy manao Takbir izy dia manaova Takbir (avy hatrany) ianareo, rehefa miondrika izy dia miondreha, rehefa miteny izy hoe: "Sami'allàho liman hamidah" (Allah anie handray ny fideran'izay midera Azy), dia mitenena (avy hatrany hoe): "Rabbanà wa lakal-hamdo" (Ry Tomponay ô! Ho Anao ny fiderana), ary rehefa miankohoka izy dia miankohofa ianareo". Notaterin'i *Al-bokhàri* sy *Moslimo*.

toy ny *Swalat Fajr* sy *Jom'ah* ary ireo *Swalat Idd* roa, dia mipetraka rehefa avy miangana amin'ny fiankohofana faharoa (amin'ny *Rak'ah* faharoa), ka atsangana ny tongotra havanana, ary atsibatana miditra mankany anatin'ny ny tongotra havia (izay sady ipetrahana), dia apetraka eo ambonin'ny fe havanana ny tanana havanana, dia aforitra avokoa ireo rantsantanana rehetra afa-tsy ny fanondro ihany, ka atao manondro aloha izany, entina manondro ny *Tawhid*⁽¹⁵⁾.



Ary raha aforitra ny ankikely sy ny manarapoana⁽¹⁶⁾ amin'ny tanana havanana, ary atao boribory kosa ny ankibe miaraka amin'ny fanondroadala, ka manondro amin'ny fanondro, dia mety ihany koa; satria samy voalaza amin'ny tatitra

(15) *Tawhid* dia: fanokanana an'i *Allah* amin'ny maha-Tompo Azy sy amin'ny fanompoana Azy ary amin'ireo anarany sy toetrany.

Ka ny fanaovana ny fanondro manondro aloha amin'io fotoana io dia mba hanondroana indrindra izany fahatokanan'i Allah izany.

(16) Manarapoana: iantsoana an'ilay rantsantanana eo anelanelan'ny fanondroadala sy ny ankikely.

marim-pototra avy amin'ny Mpaminany ﷺ ireo endrika roa ireo.

Ary tena tsara raha atao ity indraindray, dia atao koa ito indraindray.

Ny tanana havia indray dia atao eo ambonin'ny fe havia sy ny lohalika.

Avy eo, amin'izany fipetrahana izany, dia vakiana ny *At-tashahhod*, ary izany dia:

"التَّحِيَّاتُ لِلَّهِ وَالصَّلَوَاتُ وَالطَّيِّبَاتُ، السَّلَامُ عَلَيْكَ أَيُّهَا النَّبِيُّ
وَرَحْمَةُ اللَّهِ وَبَرَكَاتُهُ، السَّلَامُ عَلَيْنَا وَعَلَى عِبَادِ اللَّهِ الصَّالِحِينَ
أَشْهَدُ أَنْ لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ وَأَشْهَدُ أَنَّ مُحَمَّدًا عَبْدُهُ وَرَسُولُهُ"

*"At-tahiyyàto lillàhi was-swalawàto wat-twayyibàto,
as-salàmo 'alaika ayyohan-nabiyyo wa rahmatollàhi
wa barakàtoho, as-salàmo 'alainà wa 'alà 'ibàdil-
làhis-swàlihina, ash-hado an-là ilàha illal-làho wa
ash-hado anna mohammadan 'abdohò wa rasòloho"*

"Ireo fiarahabana (mifono fanamboniana) dia ho an'i Allah sy ireo fivavahana ary ireo asa soa. Ny fiadanana anie ho aminao ry Mpaminany, sy ny indrafon'i Allah ary ny fahasoavany. Ny fiadanana anie ho aminay sy ho an'ireo mpanompon'i Allah izay tsara. Mijoro vavolombelona aho fa tsy misy tompo mendrika hotompoina marina afa-tsy Allah, ary mijoro vavolombelona koa aho fa i Mohammad dia mpanompony no sady Irany"

Aorian'izany dia miteny hoe:

"اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَعَلَى آلِ مُحَمَّدٍ كَمَا صَلَّيْتَ عَلَى إِبْرَاهِيمَ
وَأَلِ إِبْرَاهِيمَ إِنَّكَ حَمِيدٌ مَجِيدٌ، وَبَارِكْ عَلَى مُحَمَّدٍ وَعَلَى آلِ مُحَمَّدٍ
كَمَا بَارَكْتَ عَلَى إِبْرَاهِيمَ وَأَلِ إِبْرَاهِيمَ إِنَّكَ حَمِيدٌ مَجِيدٌ"

*"Allàhomma swalli 'alà mohammadin wa 'alà àli
mohammadin kamà swallaita 'alà ibràhìma wa àli
ibràhìma innaka hamìdon majìd, wa bàrik 'alà
mohammadin wa 'alà àli mohammadin kamà bàrakta
'alà ibràhìma wa àli ibràhìma innaka hamìdon majìd"*

"O Allah! Omeo tsodrano i Mohammad sy ireo fianakavian'i Mohammad, tahaka ny nanomezanao tsodrano an'i Ibrahim sy ireo fianakavian'i Ibrahim. Ianao dia tena mendri-piderana sy heni-kaja tokoa. Ary omeo fahasoavana i Mohammad sy ireo fianakavian'i Mohammad, tahaka ny nanomezanao fahasoavana an'i Ibrahim sy ireo fianakavian'i Ibrahim. Ianao dia tena mendri-piderana sy heni-kaja tokoa".

Ary aorian'izany dia manao fangataham-piarovana amin'i *Allah* mba tsy ho azon'ny zavatra efatra, ka miteny hoe:

"اللَّهُمَّ إِنِّي أَعُوذُ بِكَ مِنْ عَذَابِ جَهَنَّمَ وَمِنْ عَذَابِ الْقَبْرِ وَمِنْ
فِتْنَةِ الْمَحْيَا وَالْمَمَاتِ وَمِنْ فِتْنَةِ الْمَسِيحِ الدَّجَالِ"

**"Allàhomma inni a'òzo bika min 'azàbi jahannama
wa min 'azàbil-qabr, wa min fitnatil-mahyà wal-
mamàti, wa min fitnatil-masihid-dajjal"**

**"O Allah! Mangata-piarovana aminao aho mba
tsy ho azon'ny sazin'ny Afobe, sy ny sazin'ny
fasana, sy ny fakam-panahin'ny (fitsapan'ny)
fiainana sy ny fahafatesana, ary ny fakam-
panahin'ny (fitsapan'ny) Dajjal".**

Aorian'izany dia mangataka an'izay tiana angatahina, amin'izay mahasoà amin'ny fiainana eto antany sy any ankoatra. Ary raha mangataka ho an'ireo ray aman-dreny, na olona hafa ankoatra azy ireo amin'ireo mpino Islamo, dia tsy maninona izany, na *Fardh* ilay *Swalat* na koa *Nàfilah*, satria amin'ny ankapobeny ny filazan'ny Mpaminany ﷺ an'izany, amin'ny *Hadith* notaterin'i *Ibn Mas'òd* ؓ, rehefa nampianatra azy ny fomba fanaovana *At-tashahhod* ny Mpaminany ﷺ, dia hoy izy taminy hoe:

"ثُمَّ لِيَتَّخِذَ مِنَ الدُّعَاءِ أَعْجَبَهُ إِلَيْهِ فَيَدْعُو"

**"Avy eo, aoka izy hisafidy an'izay Doah tiany,
mba hanaovany ny fangatahany".**

Amin'ny filazana hafa, dia hoy izy hoe:

"لِيَخْتَرُ مِنَ الْمَسْأَلَةِ مَا شَاءَ"

**"Aoka izy hisafidy fangatahana izay tiany
(angatahina)".**

Ka tafiditra amin'izany avokoa ireo zavatra rehetra mahasoa ny mpanompo amin'ny fiainana eto an-tany sy any ankoatra.

Avy eo dia manao *Salàm* (miaraka amin'ny fanodinana loha) havanana sy havia ka miteny hoe:

"السَّلَامُ عَلَيْكُمْ وَرَحْمَةُ اللَّهِ... السَّلَامُ عَلَيْكُمْ وَرَحْمَةُ اللَّهِ"

"As-salàmo 'alaikom wa rahmatollàh...as-salàmo 'alaikom wa rahmatollàh"

"Ho aminareo anie ny fiadanana sy ny indrafon'i Allah (havanana)...Ho aminareo anie ny fiadanana sy ny indrafon'i Allah (havia)".



IREO FOMBA FIPETRAHANA AMIN'NY AT-TASHAHHOD VOALOHANY

toy ny *Maghrib*, na koa misy *Rak'ah* efatra, toy ny *Zohr* sy *'Asr* ary *'Ishà*, dia vakiana ny *At-tashahhod*⁽¹⁷⁾ izay voalaza teo aloha, miaraka amin'ny "الصَّلَاةُ عَلَى النَّبِيِّ ﷺ" "*As-swalàto 'alàn-nabiyyi'*" (Fandefasana tsodrano amin'ny Mpaminany)⁽¹⁸⁾.

Aorian'izany dia mitsangana mahitsy, ka ny lohalika no itambesarana (eo am-pitsanganana, raha tsy manahirana), dia ampiakarina hatreo amin'ny soroka na sofina ny tanana roa (rehefa tafatsangana), miaraka amin'ny fitenenana hoe:

"اللَّهُ أَكْبَرُ"

"*Allàho akbaro*"

"Allah no lehibe indrindra".

Dia apetraka eo amin'ny tratra ny tanana roa, tahaky ny efa voalaza tany aloha.

(17) *At-tashahhod*:

"التَّحِيَّاتُ لِلَّهِ وَالصَّلَوَاتُ وَالطَّيِّبَاتُ، السَّلَامُ عَلَيْكَ أَيُّهَا النَّبِيُّ وَرَحْمَةُ اللَّهِ وَبَرَكَاتُهُ،
السَّلَامُ عَلَيْنَا وَعَلَى عِبَادِ اللَّهِ الصَّالِحِينَ، أَشْهَدُ أَنْ لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ وَأَشْهَدُ أَنَّ مُحَمَّدًا
عَبْدُهُ وَرَسُولُهُ"

(18) Fandefasana tsodrano amin'ny Mpaminany (hatramin'ny farany):

"اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَعَلَى آلِ مُحَمَّدٍ..."

Fanamarihana: Sonnat ny fanaovana an'izany fa tsy voatery atao akory.

Dia *Sorat Al-fâtihah* fotsiny no vakiana.

Ary indraindray, amin'ny *Rak'ah* fahatelo sy fahefatra amin'ny *Swalat Zohr*, raha mamaky *Sorat* na andininy hafa aorian'ny *Sorat Al-fatihah*, dia tsy maninona; satria misy *Hadîth* marim-pototra manambara ny fanaovan'ny Mpaminany ﷺ an'izany (indraindray), dia ny *Hadîth* notaterin'i *Abò Sa'id* ؓ.

Avy eo manao *At-tashahhod*, aorian'ilay (*Rak'ah*) fahatelo amin'ny *Maghrib*, ary aorian'ilay (*Rak'ah*) fahefatra kosa amin'ny *Zohr* sy *'Asr* ary *'Ishà*⁽¹⁹⁾,

(19) Ary manao "الصَّلَاةُ عَلَى النَّبِيِّ ﷺ" "*As-swalàto 'alàn-nabiyyi'*" (fandefasana tsodrano amin'ny Mpaminany ﷺ), dia mangata-piarovana amin'i *Allah* mba tsy ho voan'ny sazin'ny Afobe sy ny sazin'ny fasana, ary mba tsy ho voan'ny fakam-panahin'ny fiainana sy ny fahafatesana ary ny fakam-panahin'ny *Dajjal*. Dia manao *Doah* maro rehefa avy eo; ka anisan'ny *Doah* azo atao amin'izany fotoana izany, na koa amin'ny fotoana hafa ankoatra izany, ny hoe:

﴿ رَبَّنَا آتِنَا فِي الدُّنْيَا حَسَنَةً وَفِي الآخِرَةِ حَسَنَةً وَقِنَا عَذَابَ النَّارِ ﴾ البقرة: ٢٠١

"*Rabbanà àtinà fid-donyà hasanatan wa fil-àkhirati hasanatan wa qinà 'azàban-nàr'*"

"Ry Tomponay ô! Omeo fahasoavana izahay eto an-tany, ary fahasoavana koa any ankoatra, ary arovy amin'ny sazin'ny Afobe izahay"[2:201].

Izany dia araka ny tenin'i *Anas* ؓ amin'ny *Hadîth* marim-pototra hoe:

"كَانَ أَكْثَرَ دُعَاءِ النَّبِيِّ ﷺ: "رَبَّنَا آتِنَا فِي الدُّنْيَا حَسَنَةً وَفِي الآخِرَةِ حَسَنَةً وَقِنَا

عَذَابَ النَّارِ"

"Ny *Doah* faverimberin'ny Mpaminany ﷺ betsaka indrindra dia:" Ry Tomponay ô! Omeo fahasoavana izahay eto an-tany, ary fahasoavana koa any ankoatra, ary arovy amin'ny sazin'ny Afobe izahay".

ohatra ny efa voalaza tetsy ambony, tamin'ny *Swalat* misy *Rak'ah* roa⁽²⁰⁾.

Avy eo manao *Salàm* (miaraka amin'ny fampitodihana loha) havanana sy havia⁽²¹⁾.



IREO FOMBA FIPETRAHANA AMIN'NY AT-TASHAHOD FARANY (AT-TAWARROK)

(20) Saingy ny fipetraka amin'izany dia *At-tawarrok*, izany hoe: atao ambanin'ny tongotra havanana ny tongotra havia, dia mipetraka amin'ny tany, ary atsangana kosa ny tongotra havanana, araka ny voalaza amin'ny *Hadith* notaterin'i *Abo Homaid*.

(21) Ka miteny hoe:

"السَّلَامُ عَلَيْكُمْ وَرَحْمَةُ اللَّهِ...السَّلَامُ عَلَيْكُمْ وَرَحْمَةُ اللَّهِ"

"As-salaamo 'alaikom wa rahmatollah...as-salaamo 'alaikom wa rahmatollah

"Ho aminareo anie ny fiadanana sy ny indrafon'i Allah.. Ho aminareo anie ny fiadanana sy ny indrafon'i Allah".

IREO ZAVATRA TSARA TENENINA AORIAN'NY SWALAT

Avy eo manao *Istighfâr*⁽²²⁾ intelo, ka miteny hoe:

"أَسْتَغْفِرُ اللَّهَ"

"Astaghfirollàh"

"Mangataka famelan-keloka amin'i Allah aho".

Avy eo miteny hoe:

"اللَّهُمَّ أَنْتَ السَّلَامُ وَمِنْكَ السَّلَامُ تَبَارَكْتَ يَا ذَا الْجَلَالِ وَالْإِكْرَامِ"

*"Allàhomma antas-salàmo wa minkas-salàmo,
tabàrakta yà zal-jalàli wal-ikrààm"*

"O Allah! Ianao no As-salàm⁽²³⁾, ary ny fiadanana dia avy Aminao. Feno fahasoavana Ianao ry Tompon'ny fahamboniana sy ny fanomezan-tsoa".

Izany dia alohan'ny fitodihana miatrika an'ireo olona notarihina, raha *Imamo* ilay olona (fa ankoatran'ny *Imamo* dia eo amin'ny toerany eo ihany).

Avy eo miteny hoe:

(22) *Istighfâr*: fangatahana famelan-keloka amin'i *Allah*.

(23) *As-salàm*: anisany anaran'i *Allah*, izay midika hoe: ilay tsy manankilema no lavitry ny tsy fahalavorariana, na amin'ny Tenany, na amin'ireo Toetrany, na amin'ireo Anarany, na amin'ireo zavatra ataony. Ary ny fiadanana rehetra eto an-tany sy any ankoatra dia avy Aminy avokoa.

"لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ وَحْدَهُ لَا شَرِيكَ لَهُ، لَهُ الْمُلْكُ وَلَهُ الْحَمْدُ وَهُوَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ قَدِيرٌ، اللَّهُمَّ لَا مَانِعَ لِمَا أَعْطَيْتَ وَلَا مُعْطَى لِمَا مَنَعْتَ وَلَا يَنْفَعُ ذَا الْجَبْدِ مِنْكَ الْجَبْدُ، لَا حَوْلَ وَلَا قُوَّةَ إِلَّا بِاللَّهِ، لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ وَلَا نَعْبُدُ إِلَّا إِيَّاهُ لَهُ النَّعْمَةُ وَلَهُ الْفَضْلُ وَلَهُ الثَّنَاءُ الْحَسَنُ لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ مُخْلِصِينَ لَهُ الدِّينَ وَلَوْ كَرِهَ الْكَافِرُونَ"

"Là ilàha illal-làho wahdahò là sharika lahò, lahol-molko wa lahol-hamdo wa howa 'alà kolli shai-in qadir, allàhomma là màni'a limà a'twaita wa là mo'twiya limà mana'ta, wa là yanfa'o zal-jaddi minkal-jaddo, là haola wa là qowwata illà billàhi, là ilàha illal-làho wa là na'bodo illà iyyàho, lahon-ni'mato wa lahol-fadhlo wa lahos-sanà-ol-hasano, là ilàha illal-làho mokhliswina lahod-dìna wa lao karihal-kàfiròna"

"Tsy misy tompo mendrika hotompoina marina afa-tsy Allah irery ihany, tsy misy mpikambana aminy, Azy ny fanjakana sy ny fiderana, ary Izy dia mahefa ny zavatra rehetra. O Allah! Tsy misy afaka manakana ny fanomezanao, ary tsy misy afaka manome an'izay nosakananao, ary tsy mahasoana ny mpanana akory ny fananany eo anatrehanao (raha tsy nataonao mahasoana Azy izany ary nankato Anao izy). Tsy misy fahefana, ary tsy misy hery afa-tsy avy amin'i Allah. Tsy misy tompo mendrika

hotompoina marina afa-tsy Allah, ary izahay tsy manompo afa-tsy Izy irery ihany. Azy avokoa ny hatsarana sy ny fahasoavana, ary Azy ny laza tsara. Tsy misy tompo mendrika hotompoina marina afa-tsy Allah, ka ho Azy irery ihany no anaovanay ny fanompoam-pivavahanay rehetra, na dia halan'ireo mpikomy aza izany".

Avy eo manao *Tasbìh*⁽²⁴⁾ intelo amby telopolo, ary toraka izany ny *Tahmìd*⁽²⁵⁾, ary toraka izany ihany koa ny *Takbìr*. (ka tenenina intelo amby telopolo avy ireto manaraka ireto:

"سُبْحَانَ اللَّهِ... الْحَمْدُ لِلَّهِ... اللَّهُ أَكْبَرُ"

"Sobhànallah...Alhamdolillah...Allàho akbaro"

"Madio Allah amin'ny tsy fahalavorariana...Ny fiderana feno ho an'i Allah...Allah no lehibe indrindra".)

Avy eo, ho famenoana an'izany zato, dia miteny hoe:

"لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ وَحْدَهُ لَا شَرِيكَ لَهُ، لَهُ الْمُلْكُ وَلَهُ الْحَمْدُ وَهُوَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ قَدِيرٌ"

(24) *Tasbìh*: fanadiovana an'i *Allah* amin'ny tsy fahalavorariana sy izay rehetra tsy mendrika Azy.

(25) *Tahmìd*: fiderana an'i *Allah* amin'ireo Toetrany izay lavorary avokoa, ary amin'ireo fahasoavany, mibaribary sy miafina, ara-pinoana sy momba ny fiainana.

***"Là ilàha illal-làho wahdahò là sharika lah, lahol-
molko wa lahol-hamdo wa howa 'alà kolli shai-in
qadir"***

"Tsy misy tompo mendrika hotompoina marina afa-tsy Allah irery ihany, tsy misy mpikambana aminy, Azy ny fanjakana sy ny fiderana, ary Izy dia mahefa ny zavatra rehetra".

Ary mamaky *Āyatol-korsi*⁽²⁶⁾, sy *Sorat Al-ikhlàs*

(26) *Āyatol-korsi*:

﴿اللَّهُ لَا إِلَهَ إِلَّا هُوَ الْحَيُّ الْقَيُّومُ لَا تَأْخُذُهُ سِنَّةٌ وَلَا نَوْمٌ لَهُ مَا فِي السَّمَوَاتِ وَمَا فِي
الْأَرْضِ مَنْ ذَا الَّذِي يَشْفَعُ عِنْدَهُ إِلَّا بِإِذْنِهِ يَعْلَمُ مَا بَيْنَ أَيْدِيهِمْ وَمَا خَلْفَهُمْ وَلَا
يُحِيطُونَ بِشَيْءٍ مِّنْ عِلْمِهِ إِلَّا بِمَا شَاءَ وَسِعَ كُرْسِيُّهُ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضَ وَلَا يَئُودُهُ
حِفْظُهُمَا وَهُوَ الْعَلِيُّ الْعَظِيمُ﴾ البقرة: ٢٥٥

*"Allàho là ilàha illà howal-hayyol-qayyòm, là ta-khozohò sinaton wa là
naòm, lahò mà fis-samàwàti wa mà fil-ardhi, man zal-lazi yashfa'o
'indahò illà bi-iznihì, ya'lamo mà baina aydihim wa mà khalfahom, wa
là yohitwòna bishai-in min 'ilmihì illà bimà shà-a, wasi'a korsiyohòs-
samàwàti wal-ardha, wa là ya-òdohò hifzwohomà wa
howal'aliyyol'azwim"*

"Allah! Tsy misy tompo mendrika hotompoina marina afa- tsy Izy, ilay Velona, ilay Mahavita tena iankinan'ny rehetra. Tsy mba rendremana (miròzina) Izy ary tsy mba matory. Azy irery ihany izay rehetra amin'ireo lanitra sy izay rehetra amin'ny tany. Iza no manana fahefana hanelanelana eo anatrehany raha tsy mahazo lalana avy Aminy? Fantany avokoa ny ho avy sy ny efa lasa momba azy ireo, ary tsy misy amin'ny fahalalany kosa ka voafehin'izy ireo, afa-tsy izay sitrany ihany. Midadasika mihoatra an'ireo lanitra sy ny tany ny seza fipetrahan'ny Tongony (Al-korsi), ary tsy manahirana Azy na dia kely aza ny fiarovana azy roa ireo (ireo lanitra sy ny tany). Izy ilay Avo indrindra, Ilay feno fahamboniana"[2:255].

(faha-112) "قُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ", sy *Sorat Al-falaq* (faha-113) "قُلْ أَعُوذُ بِرَبِّ الْفَلَقِ", ary *Sorat An-nàs* (faha-114) "قُلْ أَعُوذُ بِرَبِّ النَّاسِ" (vakiana hatramin'ny farany), isaky ny vita *Swalat*. Ary tsara raha averina intelo avy ireo *Sorat* telo ireo, aorian'ny *Swalat Fajr* sy *Swalat Maghrib*, noho ny fisian'ireo *Hadith* manambara an'izany avy tamin'ny Mpaminany ﷺ. Ireo *Zikr* rehetra ireo dia *Sonnat* avokoa fa tsy adidy akory.

IREO SWALAT SONNAT

Ary tsara ho an'ny mpino Islamo rehetra, lahy sy vavy, ny manao *Swalat Rak'ah* efatra alohan'ny *Swalat Zohr*, ary roa aoriany, ary manao *Swalat Rak'ah* roa aorian'ny *Swalat Maghrib* sy aorian'ny *Swalat 'Ishà*, ary *Rak'ah* roa alohan'ny *Swalat Fajr*; ka roa ambin'ny folo ny fitambaran'izany. Ireny *Swalat Sunnat* rehetra ireny dia antsoina hoe "الرَّوَاتِبُ" "*Ar-rawàtib*" (ireo **Sunnat fanao tsy tapaka**); satria nanao an'izany hatrany ny Mpaminany ﷺ amin'ny fotoana izy eo an-tanana, fa navelany kosa izany rehefa amin'ny dia izy, afa-tsy ilay *Sunnat* alohan'ny *Swalat Fajr* sy ny *Witr*⁽²⁷⁾; satria ny Mpaminany ﷺ dia nanao azy roa ireo hatrany, na an-tanana, na koa amin'ny dia.

Ary amin'ny trano no tena tsara anaovana an'ireo *Sunnat Ar-rawàtib* ireo sy ny *Swalat Witr*; na dia izany aza tsy maninona ny fanaovana azy amin'ny *Masjid*, izany dia araka ny tenin'ny Mpaminany ﷺ manao hoe:

"أَفْضَلُ صَلَاةِ الْمَرْءِ فِي بَيْتِهِ إِلَّا الْمَكْتُوبَةُ"

(27) *Witr*: *Swalat* fanao amin'ny alina, ka ny fotoana fanaovana azy dia manomboka aorian'ny *Swalat 'Ishaa* ka hatramin'ny fotoan'ny *Swalat Fajr* (mialoha ny fidiran'ny oran'ny *Swalat Fajr*), izay natao hamaranana ny *Swalat* amin'ny alina, ary tsy adidy akory izany. Ny isan'ny *Rak'ah* amin'izany dia tsy maintsy isa tsy ankasa (isa tsy azo zaraina roa toy ny: 1, 3, 5).

"Ny tena tsara amin'ny Swalat izay ataon'olona iray dia izay ataony amin'ny tranony, afa-tsy ireo Swalat voadidy (ireo Swalat dimy)".

Ary ny fanaovana tsy tapaka an'ireo *Sonnat Ar-rawàtib* ireo dia anisan'ny antony idirana amin'ny Paradisa, araka ny tenin'ny Mpaminany ﷺ manao hoe:

"مَنْ صَلَّى اثْنَتَيْ عَشْرَةَ رُكْعَةً فِي يَوْمِهِ وَلَيْلَتِهِ تَطَوُّعاً بَنَى اللَّهُ لَهُ بَيْتًا فِي الْجَنَّةِ"، رَوَاهُ مُسْلِمٌ فِي صَحِيحِهِ.

"Izay manao Swalat roa ambin'ny folo Rak'ah, amin'ny androny sy ny aliny, (fanampiny) ankoatra ireo Swalat (dimy) voadidy, dia anorenan'i Allah trano izy ao amin'ny Paradisa". Notaterin'i *Moslimo* ao amin'ny bokiny (*Swahih Moslim*)⁽²⁸⁾.

Ary raha manao *Swalat Rak'ah* efatra alohan'ny *Swalat 'Asr*, roa alohan'ny *Swalat Maghrib*, ary roa

(28) Amin'ny *Sonan At-tirmizi*:

عَنْ أُمِّ حَبِيبَةَ، قَالَتْ: قَالَ رَسُولُ اللَّهِ ﷺ: " مَنْ صَلَّى فِي يَوْمٍ وَلَيْلَةٍ اثْنَتَيْ عَشْرَةَ رُكْعَةً بُنِيَ لَهُ بَيْتٌ فِي الْجَنَّةِ: أَرْبَعًا قَبْلَ الظُّهْرِ، وَرُكْعَتَيْنِ بَعْدَهَا، وَرُكْعَتَيْنِ بَعْدَ الْمَغْرِبِ، وَرُكْعَتَيْنِ بَعْدَ الْعِشَاءِ، وَرُكْعَتَيْنِ قَبْلَ صَلَاةِ الْفَجْرِ صَلَاةِ الْعَدَاةِ "

Nilaza *Ommo Habibah* ﷺ hoe:"Niteny ny Mpaminany ﷺ nanao hoe:"Izay nanao Swalat roa ambin'ny folo Rak'ah, amin'ny andro sy alina, dia anorenanana trano amin'ny Paradisa izy: efatra alohan'ny Zohr, roa aoriany, roa aorian'ny Maghrib, roa aorian'ny 'Ishà, ary roa alohan'ny Swalat Fajr, Swalat amin'ny maraina".

alohan'ny *Swalat 'Ishà*, dia tsara ihany koa; satria misy *Hadith* marim-pototra avy tamin'ny Mpaminany ﷺ manambara an'izany⁽²⁹⁾.

(29) Niteny ny Mpaminany manao hoe:

"رَجِمَ اللَّهُ امْرَأً صَلَّى أَرْبَعًا قَبْلَ الْعَصْرِ"، رَوَاهُ أَحْمَدُ وَ أَبُو دَاوُدَ وَ التِّرْمِذِيُّ وَ حَسَنَتُهُ،
وَ ابْنُ حُرَيْمَةَ وَ صَحَّحَهُ، وَ اسْتَأْدَهُ صَحِيحٌ.

"Allah anie hamindra fo amin'izay manao *Swalat Rak'ah* efatra alohan'ny 'Asr". Notaterin'i: *Ahmad*, sy *Abo Dawod*, sy *At-tirmizî* izay nilaza fa *Hadith Hassan* izany (*Hadith* to), ary *ibn Khozaimah* izay nanamafy fa marim-pototra izany; ary voatatitra amin'ny fomba marim-pototra izany.

Ary niteny ny Mpaminany ﷺ manao hoe:

"بَيْنَ كُلِّ آدَاتَيْنِ صَلَاةٌ، بَيْنَ كُلِّ آدَاتَيْنِ صَلَاةٌ". ثُمَّ قَالَ فِي الثَّالِثَةِ: "لِمَنْ شَاءَ". رَوَاهُ
الْبُخَارِيُّ.

"Misy *Swalat* avokoa eo anelanelan'ireo fiantsoana roa (*Azan* sy *Ikamah*), misy *Swalat* avokoa eo anelanelan'ireo fiantsoana roa. Dia hoy izy tamin'ny fanintelony hoe: "Ho an'izay mila (hanao *Swalat*)". Notaterin'i *Al-bokhari*.

Ary raha manao *Rak'ah* efatra aorian'ny *Zohr*, ary efatra alohany, dia tsara ihany koa; araka ny tenin'ny Mpaminany ﷺ manao hoe:

"مَنْ حَافَظَ عَلَى أَرْبَعِ رَكَعَاتٍ قَبْلَ الظُّهْرِ وَأَرْبَعٍ بَعْدَهَا، حَرَمَهُ اللَّهُ تَعَالَى عَلَى
النَّارِ"، رَوَاهُ الْإِمَامُ أَحْمَدُ وَ أَهْلُ السُّنَنِ بِإِسْنَادٍ صَحِيحٍ، عَنْ أُمِّ حَبِيبَةَ ؓ.

"Izay tsy tapaka manao *Rak'ah* efatra alohan'ny *Zohr*, ary efatra aoriany, dia ataon'i Allah fady aminy ny Afobe". Notaterin'i *Imamo Ahmad* sy ireo tompon'ireo *Sonan* (*Abou Dawod*, *At-tirmizî*, *An-nasà-i*, ary *Ibn Màjah*), izay voatatitra amin'ny fomba marim-pototra, avy tamin'i *Ommo Habibah* ؓ.

Ary ny dikan'izany dia sosohana *Rak'ah* roa ny *Sonnat Ar-ràtibah* (ilay *Sonnat* voalaza teo aloha atao aorian'ny *Zohr*); satria ny *Sonnat Ar-ràtibah* (amin'ny *Zohr*) dia efatra alohany ary roa aoriany, ka raha ampiana roa aoriany dia efa tanteraka ny voalaza amin'io *Habith* io (izany hoe: efatra aorian'ny *Zohr*).

Allah no mpanome ny fahitsiana. Ary tsodranon'i *Allah* sy ny fiadanany anie ho amin'ny Mpaminanintsika *Mohammad ibn Abdillah*, ary ho amin'ireo fianakaviany sy ireo mpanara-dia azy ary ireo izay nanaraka azy amin'ny fomba tsara hatramin'ny Andron'ny fitsarana.

ANISAN'IREO HADISOANA MARO MPANAO AMIN'NY SWALAT



AMIN'NY FITSANGANANA



AMIN'NY TAKBIR



AMIN'NY SALAM



AMIN'NY FIONDREHANA



AMIN'NY FIANKOHOFANA



EO AM-PIANKOHOFANA



AMIN'NY FIPETRAHANA

FANAZAVANA AN-TSARY

كيفية
صلاة النبي

صلى الله عليه وسلم

مع كيفية الوضوء

NY FOMBA FANAOVAN'NY
MPAMINANY  SWALAT

SY NY
FOMBA
FANAOVANA
WOZO

NOSORATAN'I SHEIKH

'ABDOL'AZIZ IBN BAZ



NADIKAN'I | MANAGNA ZAKARIA

www.IslamHouse.com

IslamHouse.com

Mampielny ny finoana Islamo amin'ny
fiteny marobe maneran-tany